# FITANTÀNA TY FILA HORITA

## BOKY MIKASIKE TY FITANTÀNA TY FILA HORITA ATAOE TY MPIANDRIAKE




NATAON'I DANIEL RABERINARY, SHAWN PEABODY, XAVIER VINCKE


HO AN'NY : MPIANDRIAKE, MPIANATSE


SARY TÀNA : NADY RATSIMBAZAFY


FANDRINDRAM-PEJY : LOUISE JASPER



PHOTO: OLIVIA KEMP



TY FOMBA FIAIGNA TY HORITA
4
3
2
5
1
1 FOY TY ATOLIE TY HORITA ANATY TY LAVAKE, MIARAKE AMIE TY RENIE. MIPARITAKE AMIE TY RENDRANO TY ANA-KORITA. MAGNATOLY MARO TY HORITA VAVIE RAIKE (ATOLY 400.000). MAGNATOLY INDRAIKE AVAO. BAKEO MATE HO AZE.
2 MALINIKE BIBIKE TY ANAKE HORITA. ANDESY TY RENDRANO VEVE.
3 MANOMBOKE MIPETRAKE AMIE TY VATOHARA ROZE LAFA AFAKE TELO NA EFA-BOLA.
4 MIAY SY MITOMBO AO AMIE TY VATOHARA, AMY TOERA MARIVO, TY HORITA MALINIKE. MIHINA DRAKAKE, KOKIAZE SY FIA MALINIKE ROZIE.
5 MANOMBOKE MIPETRAKE AO AMIE TY TOERA LALIDALIKE TY HORITA VAVIE LAFA AMPE 8 NA 10 VOLA MBA HAGNATOLY.
TSY MAHARITSE MIHOATSE TY 12-24 VOLA TY HORITA RAIKE LAFA AVY BAKA MITERAKE LE MATE.


MARO ANAKE TY HORITA
MAMÀNA MANDRITSE VOLA 2 TY HORITA LE MAHAZO ANAKE 200.000.



MALAKY MITOMBO TY HORITA
100 G TY LANJAE LAFA MIJOTSO AMY VATOHARA, ARY AFAKE 7 VOLA AVAO LAFA MAHAZO HORITA MILANJA 3600 G.
6400g
3200g
1600g
800g
400g
200g
100g
1 Vola
2 Vola
3 Vola
4 Vola
5 Vola
6 Vola
7 Vola


TY VOKATSE HORITA RO TENA MARO
AMIE TY TANAM-BEZO, TY VOKATSE HORITA RO TENA MARO.



TY FOMBA MAMPIHENA TY VOKATSE
NDRA MARO ANAKE RO MITOMBO MALAKY TY HORITA, LAFA MAMPIASA FOMBA FILÀ RATY AMY TOERA RAIKY TSIKA, TANDREMO FA TSY HAHARITSE NOHO TSY HO AZO MARO TY VELOMAMPO HORITA.
MAZAVA HO AZE, FA LAHA HAINTSIKA TY FIAIGNA TY HORITA, LA AFAKE MIANATSE TY FOMBA FITANTÀGNA ANDROZE TSIKA. TSY HIHENA FA HAHARITSE TY VOKATSE AZO TY MPITINDROKE.



TENA MANANDANJA BEVATA AMIE TY HORITA TY VATOHARA:
▪ MIPETSAKE AMIE TY LAVA-BATO AMY RANO MARIVO TY HORITA AMY ANKAMAROAE TY ANDRO IAIGNAE.
▪ MIHINA FIA NOHO DRAKAKY TY HORITA. TY FIA NOHO DRAKAKY MIAY AMIE TY VATOHARA VELO.
KA TSY TOKOE HO SIMBA TY VATOHARA...
...SATSIA TSY HISY HIPETRAHAE NOHO HOHANIE TY HORITA.



TSY METE LAFA MILA HORITA MALINIKE MBO TSY BEVATA NA LAFA MILA HORITA BE MBO MAMÀNA...



...SATSIA FA TSY HO AMPE FIRE KOA TY HORITA.


SOA TY FANAOVA REZERIVA, ARY SOA KOA TY FAGNARAHA NA FAGNAJÀ TY FAGNILIA NASIONALE TY FILÀ HORITA, SATSIA HAMPITOMBO TY VOKATSE !
MBA HAHAZOANTSIKA MPITINDROKE VOKATSE SOA MAHARITSE, TOKOE MIARAKE MAGNEKE AMIE TY FANOVA REZERIVA NA TY FAGNILIA NASIONALE TY FILÀ HORITA TSIKA.
MAHARITSE 2 VOLA AVAO TY REZERIVA NA VOLA RAIKE SY TAPAE TY FAGNILIA NASIONALE.
TY FOTOA TSY HILÀ HORITA LE AHAFAHA MAMELO AN-DROZE HO MARO ISA NOHO HO BEVATA, NOHO HAGNATOLY NA HAMÀNA.
TSY AZO ATAO TY MILA HORITA AMBANIE TY 350G ETO MADAGASIKARA.


ALOHAE TY FAGNILIA TY REZERIVA
MISY HORITA MALINIKE
AMIE TY FOTOA FAGNILIA TY REZERIVA
MITOMBO ROZE ARY MISY TY HORITA AVY SATSIA MILAMY TY TOERA AO.
AMIE TY FISOKAFA TY REZERIVA
MISY HORITA MARO SY BEVATA.


ALOHA TY FAGNILIA TY REZERIVA
AMY FISOKAFA TY REZERIVA
HORITA KELIKELE = DRALA KELE
HORITA MARO SY BEVATA = DRALA MARO
TY FAGNILIA TY REZERIVA MAMELO TY ANAKY HORITA HO MARO NOHO BEVATA. BAKEO, AMIE TY FISOKAFAE TY REZERIVA, LE BEBE TY DRALA AZO TY MPITINDROKE LAFA MAMAROTSE HORITA REO.



ALOHAE TY FAGNILIA TY REZERIVA
AMIE TY TANÀ RAIKE, ISAN'ANDRO, OLO RAIKE METY MAHAZO HORITA 2, ZAY RO AVILIE 3000 ARIARY.


AMIE TY FOTOA FAGNILIA TY REZERIVA
REZERIVA
TOERA FILÀ HORITA RAIKE AVAO RO MIHILY FA TSY IABY. AMY ZAY TSY MIHENA TY VOKATSE AZO MANDRITSY TY FOTOA FAGNILIA TY REZERIVA.


AMIE TY FISOKAFAE TY REZERIVA
LAHA VOATANTA SOA TY REZERIVA (LAFA TSY MISY OLO MILITSE TAMY REZERIVA), TY MPITINDROKE RAIKE METE HAHAZO HORITA BEVATA 10, ZAY RO AVILIE 20,000 ARIARY.



AFAKE HIVILIANA RAHA MARO TY DRALA
AZO BAKAMY TY REZERVA
ZAHO NAHAZO VALAGNY NOHO VARE TAPA-GONY
ZAHO NAHAZO TELEFONE
ZAHO NAHAZO MAKISE NA SOLOMASO NOHO KAPA
ZAHO NAHAZO RADIO NOHO TELEFONE
Vary

ISAN-TAO MISY FAGNILIA NASIONALE TY FILÀ HORITA AMY FARITSE ANTIMO-ANDREFA



ARAKE TY DIDY HITSIVOLA 16376/2005: ISAN-TAO, MANOMBOKE 15 DESAMBRA KA HATRAMIE TY 31 JANOARY, ZE FOMBA FILÀ HORITA IABY LE TSY AZO ATAO AMIE FARITSE ANTIMO ANDREFA ATOY.


MAGNINO ASIA FAGNILIA NASIONALE AMIE TY FOTOA IO ?



NDAO TSIKA HAGNARAKE SADY HAGNAJA TY FAGNILIA NASIONALE NOHO HANAO REZERIVA MBA HAHAZO VOKATSE SOA !



MANAHAKE TY AO AMIE TY REZERIVA HORITA, MITOMBO KOA TY HORITA MANDRITSE TY FAGNILIA NASIONALE. KA HO SOA KOA TY VOKATSE AZO TSIKA AMIE TY FISOKAFAE.


Morombe
Mangoky
N
W
E
S
Andavadoaka
Lac Inotry
Ambatomilo
Salary
Tsifota
Manombo
Manombo
Ifaty
Fiherena
Toliara
Anakao
Onilahy
Beheloka
BAKA AMBOHIBOLA (ANTIMO) HATRAGNE MOROMBE (AVARATSE) TY FAGNILIA NASIONALE AMY FARITSE ANTIMO-ANDREFA
Lanivato
Itampolo
Linta
100 km
Ambohibola

FISOKAFAE TY REZERIVA NA FAHATAMPERAE
TY FAGNILIA NASIONALE TY FILÀ HORITA




PHOTO: GARTH CRIPPS



Photo: Garth Cripps

Intoy boky toy dia novatsian-drala baka amy ty Department For International Development (DFID), Helmsley Charitable Trust ary ty Agence Malgache de la Pêche et de l'Aquaculture (AMPA). Ty fahità ambara etoa de gnan'ny mpanoratse avao, ka tsy voatery hitovy amy ty fahità ty DFID sy HELMSLEY ary ty AMPA.

Azo ao hentea amy ty adiresy magnarake toy intoy boky toy:
http://livewiththesea.org/handbook

blue ventures
beyond conservation

Level 2 Annex, Omnibus Business Centre
39-41 North Road, London N7 9DP, UK
Tel: +44 (0)20 7697 8598
Fax: +44 (0) 800 066 032
Email: info@blueventures.org
www.blueventures.org